FILAZANA HOAN'NY DAHOLOBE

Ny foibem-pitantanana ara-ketra dia mampahafantatra ny be sy maro fa, araky ny fampiharana ny andinin-dalàna 01.02.02.II ao amin'ny fehezan-dalàna ankapobe momba ny hetra (CGI) sy ny didy fanapahana n° 09/MFB/SG/DGI tamin'ny 10 febroary 2017 mahakasika ny fomba famerana ny hetra amin'ny hetra tambatra mitsitaitaika (ISI) hoan'izay tsy manana laharam-pamantarana ara-ketra, ny mpandoa hetra ara-dalàna dia tsy maintsy mameno ny taratasy voatokana hoan'izany, mandritrin'ny filazana ny ISI, sady mametraka ny fanampim-pilazana (Annexe) natao amin'ny solotsaina amin'ny endriny « Excel », izay atao anaty kapila mangirana (CD) ary ampifanarahana amin'ny modely nampahafantarin'ny sampandraharaha ara-ketra.

Tsara ny mampahafantatra fa izany fepetra izany dia mikasika manokana ny fifampivarotana anatiny momba ny fividianana vokatra (avy amin'ny fambolena,jono, fiompiana,vokatran'ny ala,fitaovam-panorenana) sy raharaha. Na dia izany anefa, ny fandraharahana mikasika ny fampidiran'entana avy any ivelany sy ny fanondranana entana izay ataon'ny olona tsy manana laharam-pamantarana ara-ketra dia mijanona sandain'ny hetra alaina amin'ny vola miditra mitsitaitaika (IRI).

Io fepetra io dia mihatra manomboka ny 01 oktobra 2017.

Antananarivo, faha 29 SEP 2017

NY TALE JENERALIN' NY HETRA

DIRECTION GENERALE DES IMPOTS
REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

RAZAFINDRAKOTO Iouri Carisse
Inspecteur des Impôts